Tambajotram-Pivavahan'ny Papa Maneran-tany
MADAGASIKARA

Aina sy **Fa**monjena ny **Fi**vavahana
Fivondronana **E**okaristikan'ny **T**anora
Lot IVG 199 – Porte 38 – CNPC Antanimena
ANTANANARIVO 101
Tél : 034 06 262 59/ 033 02 892 13
Email: foibe.nasionaly@afafi-fet.org
Siteweb:www.afafi-fet.org
Page: AFAFI FET Madagasikara – AP MEJ Madagascar

Ho anareo :

Ray am-panahy,
Zoky am-panahy,
Birao na Ekipan'ny Diosezy
Mpanabe
Mpikambana AFAFI-FET rehetra

Taratasim-pifandraisana : Lah 01_ 2023-2024

AFAFI !

Hafaliana vokatry ny fitiavana no iarahabana antsika rehetra Aomônie, Zoky am-panahy, Mpanabe ary ny mpikambana rehetra tsy ankanavaka ato amin'ny AFAFI-FET manerana ny Nosy amin'izao fiandohan'ny taom-pikatrohana 2023-2024 izao. Mirary taom-pahombiazana ho antsika rehetra, indrindra amin'izao fanomanana ny Kongresy Eokaristika Nasionaly hatao any Antsiranana izao.

Manomboka amin'ity taom-pikatrohana ity, araka ny efa nampahafantarina antsika dia isaky ny 01 oktobra, fetin'i Mb Terezin'i Jesoa Zazakely, Olomasina mpiaro ny AFAFI-FET maneran-tany, no anatanterahantsika ny fanokafana ny taom-pikatrohana ho an'ny AFAFI-FET manerana ny Nosy sady iombonantsika amin'ny Eglizy manontolo mandritra izao dingana voalohany amin'ny famaranana ny Sinaody izao.

Na dia teo aza ny fotoana manjombona nandalovan'ny Fikambanana tamin'ny namoizana ny Aomônie Nasionaly, RP Odon Honoré ANDRIANARISOA, sj, dia manohy mandrakariva ireo lova napetrany isika mba ho an'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe indrindra. Araraotina etoana ny fisaorana antsika rehetra niombona manokana tamin'ireny fotoana ireny, na ireo izay tonga nisolo tena ny diosezy na ireo izay niombona am-bavaka. Mino isika fa mivavaka ho antsika hatrany izy.

Nanao tohivakana ny fahasoavana nirotsaka tamin'ny Eglizy teto Madagasikara sy maneran-tany nandritra iny taom-pikatrohana lasa iny. Anisan'ireny ny nahazoantsika ny Nonce Apostolique vaovao, Son Excellence Mgr Tomasz GRYSA. Teo ihany koa ny nahazoana mpiandry ondry vaovao maro : Son Excellence Jean Nicolas RAKOTOJAONA, Eveka Mpanampy ao amin'ny Diosezy Morondava, Mgr Jean de Dieu RAOELISON, Arsevekan'Antananarivo, Mgr Jean Pascal ANDRIANTSOAVINA, Evekan'Antsirabe ary Mgr Gustavo Bombin ESPINO, Arsevekan'i Toliara. Entintsika am-bavaka ireo diosezy izay mbola tsy manana Eveka.

Nanamarika iny taona iny ihany koa ny nanendrena an'i Mompera Jocelyn RABESON, sj ho provinsialin'ny Fikambanan'i Jesoa eto Madagasikara. Tsy haintsika ny tsy hisaotra ny Provinsialy teo aloha, Mompera Fulgence RATSIMBAZAFY, sj izay nahavita be tokoa tamin'ny fanohanana ny TPPM/AFAFI-FET, ary entintsika am-bavaka ny Provinsialy vaovao hahavita be amin'ny andraikitra miandry azy.

Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia voatendry ho mpandrindra ny Tambajotram-pivavahan'ny Papa maneran-tany aty Afrika i Mompera Valter CASSAMANO sj.

Isaorana ny Tompo fa maro ireo hetsika tontosa soa aman-tsara. Anisan'izany ny Filankevitra Nasionaly natao tany Ambiatibe izay niompana indrindra tamin'ny fanomanana ny Kongresy Eokaristika Nasionaly. Teo ihany koa ny Kongresin'ireo EKA Oniversitera (CNECAUM) sy ny Fihaonam-be Nasionalin'ny Ankizy Katôlika (JNE 3) natao teto Antananarivo, ny fihaonam-ben'ny tanora miaina ny fiainam-panahy ignasianina (MAGIS) sy ny JMJ iraisam-pirenena tany Lisbonne Portugal ary ny fankalazana ny faha 150 taona nahaterahan'i Mb Terezin'i Jesoa Zazakely.

Tsy latsa-danja tamin'izany koa ireo fiofanana na zaikabe isan-karazany natao isan-diosezy na Arsidiosezy. Hitondra ainga vao ho an'ny fiainam-pikambanantsika anie ireny rehetra ireny mba hahafahantsika manatontosa ny iraka miantefa amintsika tsirairay avy.

Indro àry atolotra antsika ny soridalana hoentintsika hamakivaky indray ny taom-pikatrohana 2023-2024.

Toy ny mahazatra dia hizara roa (2) mazava tsara ny hafatra :

1- Soridalana hoenti-miatrika ny taom-pikatrohana vaovao
2- Vaovao sy tsara ho fantatra

FIZARANA I : Soridalana ho an'ny taom-pikatrohana 2023-2024

Andininy 1 : **Mitondra ny olona mankany amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fampiasam-panahy sy ny fahaiza-mandanjalanja (discernement).**

1- Teny faneva

« Ny fihavanana no manasitrana izao tontolo izao. » « *Mpiray tampo avokoa ianareo* » (Mt 23, 8)

- Ny teny fanevan'ny Kongresy Eokaristika iraisam-pirenena hatao any Quito, Equateur (8-15 septambra 2024) sy ny Kongresy Eokaristika Nasionaly hatao any Antsiranana (20-26 aogositra 2024) no hiainantsika mandritra ny taom-pikatrohana.
- Ny Kongresy Eokaristika moa dia tsy inona fa hetsika lehibe fanehoam-pinoana hanasongadinana ny Eokaristia. Omena anjara toerana manokana ny Eokaristia izay loharano sy fototra ary ivon'ny fiainana kristianina. Mandritra izany no hitsofan-drano ny tanàna sy ny mponina ao aminy.

2- Tenin'Andriamanitra (Soratra Masina)

- Manampy antsika hiaina bebe kokoa ny Eokaristia ny fandalinana ny Tenin'Andriamanitra.
- Ny Evanjelin'i Md Joany àry no halalinina manokana amin'ity taom-pikatrohana ity.
- Ny fifaninanana sarivelona na hira, sns, dia hiompana bebe kokoa amin'ny Eokaristia.
- Halalinina ny Eokaristia ary hatao tonga Nofo amin'ny fiainana.
- Averina indray ny fandalinana ny teny fanevan'ny faha 100 taonan'ny FET : « Ny Teny tonga Nofo, Nofo tonga Mofo, Mofo zary Aina »
- Nandalina manokana ny Evanjelin'i Md Matio isika tamin'ny taona lasa ; koa tohizina ny fandalinana ny Toko faha 23 ao amin'ny Evanjelin'i Md Matio izay ahitana ny teny faneva.
- Fantatsika ny anjara toeran'ny Fihavanana eo amin'ny fiaraha-monina malagasy. Noho izany, hanaovana ezaka manokana ny fandalinana, ny fiainana ary ny fitandrovana ny fihavanana izay soatoavina malagasy.

3- Ny Lalan'ny Fo

- Mifanindran-dalana amin'ity taom-pikatrohana ity ihany koa ny Jobilin'ny Fo Masin'i Jesoa (Desambra 2023 - Jona 2025). Mifandray indrindra amin'ny « Lalan'ny fo » izay zotra am-panahy atolotry ny TPPM izany. Halalinina bebe kokoa, noho izany, ny Dingana faha 4, 5, 6 ao amin'ny « Lalan'ny Fo », izay maneho ny Zanaka sy ny Eokaristia :
  - Dingana faha 4 : « Naniraka ny Zanany hamonjy antsika ny Ray »
  - Dingana faha 5 : « Antsoiny hoe sakaizany isika »
  - Dingana faha 6 : « Ny Fon'i Jesoa, ao am-pon'ny mpianany ».
- Ezahina ny mamaky sy mandinika dingana iray amin'ireo rehefa manao Fitsaohana ny Sakramenta Masina (Adoration).
- Amporisihina hatrany mba hiompana amin'ny « Lalan'ny fo » ny fihatahana masina na ny laretirety ataon'ny AFAFI-FET.
- Omena anjara toerana manokana ireo andro miavaka ho an'ny TPPM : Zoma voalohany, fetin'ny Sakramenta Masina (sady Andron'ny AFAFI-FET maneran-tany), fetin'ny Fo Masin'i Jesoa.

- Fampiharana bebe kokoa ny Miha-Jesoa sy ny fanaovana fandinihana ny kônsiansy (examen de conscience)
- Fampiharana ny vavaka (maraina – antoandro – hariva) atolotra ao amin'ny *« Click to Pray-Madagasikara »*, atao samirery sy rehefa manomboka na mamarana fivoriana.

4- Fampielezana ny TPPM

- Ny fiainana sy fampielezana ny TPPM dia singa mandrafitra tsy tapaka ny Soridalana isan-taona. IRAKA manokana miantefa amin'ny AFAFI-FET avy amin'ny Papa Ray Masina no anton'izany.
- Koa amporisihina isika mba handray sy hivelona ary hizara tsy tapaka ireo fitaovana ampiasain'ny TPPM : Vavaka fanolorana ny andro, Horonantsarin'ny Papa (Vidéo du Pape) izay avoaka ao amin'ny Pejy Facebook Foibe Nasionaly « *AFAFI FET Madagasikara – AP MEJ Madagascar* » ary ny Click to Pray ao amin'ny Pejy Facebook « *Click To Pray - Madagasikara*».
- Entanina ny isan-diosezy sy ny Ekipa fototra ary ny mpikambana tsirairay mihitsy hiezaka hitady fomba mahomby hoentina mampahafantatra sy mampiely izany amin'ny kristianina ; tsy hoe mampiely fotsiny fa manazava amin'ny olona rehetra izay kendren'ny TPPM.
- Tsy maintsy manana ny vavaka fanolorana ny andro avokoa ny mpikambana rehetra. Toy ny kara-panondron'ny AFAFI-FET io ka tokony tsy hisaraka na aiza na aiza misy antsika.
- Entanina manokana ny Aomônien'ny diosezy hanao fanentanana any amin'ireo haino aman-jery katolika.

5- Fitaovana ampiasaina

Manampy antsika hamelombelona ny aim-panahy ny fananana fitaovana. Tsy vitan'ny hoe manana fitaovana fotsiny anefa fa ampiasaina araka ny tokony ho izy.

- ZK sy IK : Boky *Iraka*
- VK sy EKA : *Velona i Kristy* (*Christus Vivit*), Fanentanana Apôstôlika nataon'ny Papa Fransoa ho an'ny tanora
- AFAFI sy mpanabe FET: Boky *Aina sy Famonjena*

Ireto tahirin-kevitra ireto ihany koa dia anentanana mba hohalalinina manokana :

- Taratasy ansiklika *Mpiray tampo avokoa isika (Fratelli Tutti), Hoderaina anie Ianao (Laudato Si)*
- Boky *Fampiasam-panahy* (Md Ignasy)
- Boky *Fampianarana momba ny Fiainam-panahy Ignasianina* (RALALAZAFIMANJAKA Dorothée)
- Tahirin-kevitry ny Sinaody

- Ireo tahirin-kevitra momba ny Kongresy Eokaristika
- Ireo tahirin-kevitra momba ny Fahagagana Eokaristika. (Olts Carlo Acutis, sns)
- Ireo hafatry ny Papa ho an'ny andro maneran-tany ho an'ny tanora
- Ireo hafatry ny Eveka Raiamandreny ho an'ny ankizy tamin'ny JNE 3.
- Boky *Fifampitaizan'ny mpiara-belona* (RABENIRINA Joseph, sj)
- Maro koa ireo boky manampy amin'ny fanabeazana azo jifaina aty amin'ny Foibe Nasionaly. Koa entanina ny mpanabe mba hazoto hikarokaroka sy hampiasa azy ireny.

Andininy 2: **Miara-dalana amin'ireo mahantra sy ireo voahiliky ny fiaraha-monina ary ireo voahosihosy ny hasina maha olona azy amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny iraka fampihavanana sy fampijoroana ny rariny**

1- Asa misionera

Isaky ny 1 oktobra sy 3 desambra isika dia mankalaza ny fetin'i Mb Terezin'i Jesoa Zazakely sy Md Fransoa Xavier, Olomasina mpiaro ny AFAFI-FET maneran-tany sady mpiaro ny Misiona.

- Entanina mba hisy asa misionera mivaingana hataon'ny Ekipa fototra tsirairay na eo anivon'ny Eglizy izany na eo anivon'ny fiaraha-monina mandritra ny volana oktobra, volan'ny Misiona sy ny volana desambra izay sady hanamarihana ny fanokafana ny Jobilin'ny Fo Masin'i Jesoa
- Hanampy antsika hirotsaka amin'izany asa misionera izany ny hafatry ny Papa Fransoa ho an'ny andro faha 97 maneran-tany ho an'ny misiona 2023, iombonantsika amin'ny Œuvres Pontificales Missionnaires (OPM), izay mitondra ny lohahevitra hoe : « *Fo mirehidrehitra anaty, tongotra am-pandehanana*. » (Lk 24, 13- 35 : tantaran'ireo mpianatra tany Emaosy).

2- Fiarovana ireo ankizy sy tanora amin'ny herisetra

Maro ireo ankizy sy tanora iharan'ny herisetra eny amin'ny fiaraha-monina misy antsika. Indraindray aza hita taratra ato anatin'ny fikambanantsika izany amin'ny alalan'ny teny na fihetsika tsy voalanjalanja ataon'ny mpanabe amin'ny ankizy sy ny tanora.

- Isika mpanabe no ray aman-dreny faharoa ho an'ireo beazina. Koa entanina isika mba ho modely sy ho sahy mandray andraikitra manoloana izany.
- Hamafisina hatrany ny tsy maintsy andalinana ireo Adidy folon'ny mpanabe izay tokony hiorina amin'ny fitiavana atoron'ny Lalan'ny Fo.

3- Fanajana ny Zokiolona

Isaky ny Alahady faha 4 amin'ny volana jolay manakaiky ny fankalazana an'i Md Joachim sy Mb Anne (Raibe sy Reniben'i Jesoa) no natokan'ny Papa Ray Masina hanajana ireo

Raibe sy Renibe ary ireo Zokiolona rehetra. Maro amin'izy ireny anefa no tsy misy mpahatsiaro sy ahiliky fiaraha-monina fa tsy fantany ny anjara toerany.

- Koa amporisihina isika mba hijery sy hangoraka ary hanampy manokana azy ireny araka izay tratra.
- Anisan'ny famonjena ho azy ireny ny vavaka ataontsika, indrindra ny vavaka fangatahana fahasoavana amin'ny alalan'i Md Joachim sy Mb Anne.

4- Fanajana ny Aina sy ny Zo maha olona

Ny Dingana fahatelon'ny Lalan'ny Fo dia miresaka indrindra ny *tontolo feno hakiviana* izay ikatsahantsika an'Andriamanitra sy anirahana antsika.

- Misy ny tsy fanajana ny aina vokatry ny fahaizana amam-pahalalana tsy voafehin'ny saina aman'eritreritra ka miteraka ratra sy fahavoazana (Boky *Aina sy Famonjena* p.19).
- Anisan'ireny ny fanalan-jaza, ny ady isan-karazany, ny kolikoly amin'ny sehatra maro vokatry ny ideolojia samihafa, ny fijalian'ireo madinika sy marefo noho ny hetraketraky ny matanjaka, sns. Marihina fa sokajiana ho marefo ireo marary, ireo mitondra vohoka, ireo voafonja, ireo manan-kilema ara-batana sy ara-tsaina, ireo tsy mahay mamaky teny sy manoratra, ireo sahirana, ireo ahiliky ny fiaraha-monina, sns.
- Hanao ezaka isika mba tsy ho tafiditra amin'ireo toe-tsaina manimba ireo fa hanaja ny zo maha olona sy handray anjara amin'ny fiarovana ny aina.
- Entanina isika *mba hahay mijery an'izao tontolo izao amin'ny fijerin'Andriamanitra* (*Fampiasam-panahy*, 102)

Andininy 3 : **Miara-dalana amin'ny tanora amin'ny fanorenana hoavy mitondra fanantenana**

1- Fifanohanan'ny AFAFI sy ny FET

Sampana iray tsy mivaky ao amin'ny Tambajotram-pivavahan'ny Papa maneran-tany ny AFAFI (sampana ho an'ny olon-dehibe) sy ny FET (sampana ho an'ny ankizy sy ny tanora).

- Amporisihina mihitsy mba haneho izay fiombonana izay amin'ny sehatra rehetra ny AFAFI sy ny FET fa tsy sanatria isika samy isika indray no hivoy ny fisaraham-bazana. Aoka hatao lohalaharana mandrakariva ny fiainam-panahy fototra. Manana adidy ny Aomônie sy ny Ekipan'ny diosezy, ny isan-distrika sy ny paroasy haneho fiombonana manokana sy hanao izay fomba mahomby hampivondronana ny mpikambana.
- Aoka hifanampy amin'ny fampivoaram-piainana; toy ny fifanohanana amin'ny fianarana sy amin'ny asa ary amin'ny fiainana andavanandro. Ohatra amin'izany ny fitsinjovana sy fanampiana ireo tsy mahay mamaky teny sy manoratra eo amin'ny samy mpikambana, eo

amin’ny fampitana ny hafatra. Toy izany koa ohatra ny fifampizarana traikefa sy ny fitaovana am-pelatanana amin’ireo izay manana fahasarotana, sns.

2- Fandraisana anjara mavitrika amin’ireo Vovonana

- Mpikambana feno ao amin’ny Vovonam-pirenena Katolikan’ny Ankizy (VPKA), Vovonam-pirenena Katolikan’ny Tanora (VPKT), ary Vovonam-pirenena Katolikan’ny Lehibe (VPKL) isika AFAFI-FET.
- Koa amporisihina mihitsy isika mba hanana solontena ao amin’ny biraon’ny vovonana isan-diosezy, tsy hiolonolona samirery ary ho lohalaharana amin’ny fandraisana anjara amin’ireo hetsika karakarainy.

3- Fiainana ny hafatry ny Papa tamin’ny JMJ sy ny MAGIS

- Trandrahina manokana ireo hafatry ny Papa mandritra ny JMJ sy ny MAGIS natao tany Lisbonne ary ezahina ny miaina izany araka izay tratra.
- Tohizina hatrany ny fandraisana anjara rehefa misy hetsiky ny tanora (Andron’ny tanora ignasiana, JMJ Diosezy, sns).

4- Fiainana ny fampianarana sy ny hafatry ny Fivondronamben’ny Eveka tamin’ny JNE 3

- Halalinina manokana any amin’ny ZK, IK, VK ireo fampianarana noraisina sy ny hafatr’ireo Eveka Raiamandreny tamin’ny JNE 3 : ny lohahevitra, ny katesizy tany amin’ny « site », ny toriteny rehetra, ny hafatry ny Eveka tamin’ny lamesa famaranana, sns.

Andiniy 4 : **Miara-miasa amin’ny hafa amin’ny fiarovana ny « Tranobe iombonana »**

1- Fiarovana ny tontolo iainana

- Hotohizina hatrany ny ezaka rehetra efa natao, hohatsaraina bebe kokoa aza izany, amin’ny fiarovana sy fikolokoloana ny Tranobe iombonana, hanehoana manokana ny fitiavan-tanindrazana.
- Aoka mba hisy asa mivaingana azo tsapain-tanana ataon’ny isan-diosezy na ny Ekipa fototra momba izany, toy ny fambolen-kazo, voninkazo, hazo fihinam-boa, legioma, sns.
- Asiana fotoam-pivoriana hiresahana sy hifampizarana ary hampianarana manokana izany.
- Amporisihina ny fandraisana anjara amin’ny fiofanana sy ny ezaka isan-karazany mahakasika ny tontolo iainana.
- Hamafisina manokana ny fandalinana ny ansiklika *Laudato Si*, ny fandalinana ny siansa any an-tsekoly izay azo anaovana fifampizarana tsara any am-pivoriana.

2- Fanohizana ny Fanabeazana miaina sy mitia na ny EVA (Education à la vie et à l'amour) ato amin'ny AFAFI-FET

- Entanina hatrany mba hotohizina ny ezaka efa natao tamin'ny fampitana ny EVA ary mba tsy hitsahatra hikaroka izay fomba mahomby handalinana ireo tahirin-kevitra momba izany hahafahana miaina sy mampihatra azy amin'ny fiainana andavanandro.

Io àry ny SORIDALANA entintsika mamakivaky indray ity Taom-pikatrohana 2023-2024 ity. Narafitra miainga amin'ireo safidy apôstôlika iombonana ho an'ireo fikambanana rehetra miaina ny aim-panahy ignasiana izy io.

FIZARANA II : Vaovaom-pikambanana sy ireo tsara ho fantatra samihafa

1- Kongresy Eokaristika Nasionaly

- Araka ny efa fantatsika dia ny 20 ka hatramin'ny 26 aogositra 2024 no hankalazana ny Kongresy Eokaristika Nasionaly any Antsiranana. Hizara roa mazava tsara ny fandaharam-potoana amin'io fotoana io. Ny 20 ka hatramin'ny 23 aogositra maraina dia natokana ho antsika AFAFI-FET manokana; manomboka ny 23 aogositra tolakandro kosa dia hiarahana amin'ireo Kristianina rehetra maniry hanatrika izany. Efa nisy ny taratasy manambara izany nataon'ireo Eveka Raiamandrenintsika ny alakamisy 14 septambra 2023 (Fetin'ny Hazofijaliana Masina).
- Efa nisy ihany koa ny tsoa-kevitra nivoaka nandritra ny filan-kevitra nasionaly natao tany Ambiatibe ny 28 aprily ka hatramin'ny 01 mey 2023 momba ireo toromarika rehetra hoentina miatrika io fotoan-dehibe io ; koa antenaina fa efa samy miomankomana avokoa ny rehetra ary inoana fa samy hanao ezaka amin'ny fanajana ireo fe-potoana napetraka ho an'ny fisoratana anarana.
- Natao ho an'ny Kristianina rehetra ny Kongresy Eokaristika ; koa amporisihina ny ekipa fototra rehetra mba hanentana sy hampahafantatra izany isam-piangonana.

2- Jobilin'ny Fo Masin'i Jesoa (350 taona)

- Hanomboka ny volana desambra 2023 ka hatramin'ny volana jona 2025 dia hisy ny fankalazana ny Jobilin'ny Fo Masin'i Jesoa, sady fankalazana ny faha 180 taonan'ny Tambajotram-Pivavahan'ny Papa Maneran-tany.
- Mbola hisy ny taratasy sy toromarika halefan'ny Foibe Iraisam-pirenena any Rôma momba izany, kanefa efa manomana sahady ny fo amam-panahy isika hiatrika izany, sady hifanindran-dalana amin'ny Kongresy Eokaristika Nasionaly sy Maneran-tany izany,

3- Fanafarana Ekipa nasionaly

- Ny Foibe Nasionaly dia manao fitsidihana araka ny fangatahana avy aminareo ary efa nisy ny toromarika momba izany tamin'ny filankevitra nasionaly. Isaorana antsika fa maro ireo efa nanao ezaka tamin'iny taom-pikatrohana iny, na ny isan-diosezy izany na ny arsidiosezy. Misy ireo diosezy efa ela no tsy notsidihan'ny Ekipa nasionaly ka tokony hanao ezaka.
- Ny fiofanana ho an'ny mpanabe dia tokony tsy hiaraka amin'ny Zaikabe fa hatokana mihitsy mba hahafahan'ireo mpanabe miatrika tsara ny fiofanana.
- Mivory isam-bolana, isaky ny sabotsy na alahady faha 3 amin'ny volana, ny Ekipa Nasionaly. Koa raha misy vaovao na zavatra maika tianareo hampitaina dia tsara raha kendrena amin'izany ary angatahinay ihany koa mba tsy hifanindry amin'ireo ny fotoana hanafaranareo ny Ekipa.
- Amporisihina ny fanohizana ny ezaka famondronana ataon'ny Arsidiosezy

4- Dingana sy Fanolorantena

- Zava-dehibe loatra ny firosoana amin'ny Dingana na ny Fanolorantena ka tokony tsy hatao antsirambina izany fa omanina dieny vao manomboka ny taom-pikatrohana.
- Ireto àry misy toromarika vitsivitsy hanatsarana ny fiomanana :

➢ Halalinina sy fehezina ary arahina tsara ireo fampianarana sy fepetra firosoana amin'ny Dingana ao amin'ny Torolalana momba ny Dingana.

➢ Ny Fandraisana ny Zandrin'i Kristy sy ny fombam-pivavahana amin'ny Dingana ao amin'ny sampana Irak'i Kristy dia mampiasa avy hatrany ny Boky *Iraka ;* ny Fandraisana sy ny Fanolorantenan'ny AFAFI kosa dia mampiasa avy hatrany ny *Aina sy Famonjena* .

➢ Ho an'ny FET dia ezahina ny manao tsianjery ny Dingana mba ho tadidy sy hiainana izay notononina.

➢ Ho an'ireo mpikambana rehetra horaisina AFAFI na hanao Fanolorantena kosa raha tsy mahatadidy tsianjery loatra dia tsy maintsy manana ny Boky *Aina sy Famonjena* ny tsirairay fa tsy mampiasa « photocopie ».

- Isaorana ny Tompo fa efa mihamaro ireo EKA miroso amin'ny Dingana fahatelo sy ny AFAFI manao Fanolorantena. Tohanantsika am-bavaka manokana izy ireo. Ampahatsiahivina hatrany fa tsy maintsy manao taratasy fangatahana, atao dika telo (3) mitovy, alefa aty amin'ny Aomônie Nasiônaly rehefa nampandalovina tany amin'ny Pretra tompom-paritany na Curé sy ny Aomônien'ny Diosezy izany.

  Ireto avy no tokony ho hita ao anatin'ny fangatahana :

➢ Anaran'ilay mpangataka sy ny iantefan'ny fangatahana (Aomônie Nasionaly)

➢ Dingana angatahina : Dingana fahatelo EKA sa Fanolorantenan'ny AFAFI

➢ Antony manosika hiroso amin'ilay Dingana na Fanolorantena

- Tenin'Andriamanitra manentana manokana (tsy alaina tahaka amin'ny hafa sady safidina sy iainana mialoha)
- Datin'ny Dingana na Fanolorantena (raha efa fantatra).
- Sonian'ny mpangataka, Sonian'ny Pretra tompom-paritany na Curé, Sonian'ny Aomônien'ny Diosezy

FANAMARIHANA SAMIHAFA

- Ny fangatahana dia arahina CV pastoraly na ny mombamomba ilay mpangataka : anarana, Sakramenta noraisina, Dingana natao sy ny taona nanaovana Dingana farany, andraikitra, sns.
- Iray volana alohan'ny Dingana na Fanolorantena fara-fahatarany no tokony ho tonga aty amin'ny Foibe Nasionaly ny taratasy fangatahana.
- Entina mandritra ny Dingana na ny Fanolorantena ny taratasy voasonian'ny Aomônie nasionaly
- Ireo EKA nahavita Dingana faha 2 ka niomana amin'ny Dingana faha 3 nefa tsy ao anatin'ny sokajin-taonan'ny EKA intsony dia miroso amin'ny Fanolorantenan'ny AFAFI.
- Aoka hiantso raha misy olana na tsy mazava mba hampirindra tsara araka ny tokony ho izy ny zavatra rehetra.
- Tokony hanao laretirety telo (3) andro fara-fahakeliny ireo EKA na AFAFI mialoha ny hirosoana amin'ny Dingana na ny Fanolorantena.
- Tokony ho fantatra eny am-panombohan'ny taom-pikatrohana ireo hiroso amin'ny Dingana, hahafahan'ny mpanabe manomana tsara ny ankizy sy ny tanora sy hahafahana manomana mialoha ny fitaovana rehetra ilaina amin'izany (famantarana amin'ny Dingana, kravato).

5- Tatitra sy rakitra miakatra

- Somary hadinodino tato ho ato ny fanaovana ny tatitra isan-taona miaraka amin'ny statistika (atao manaraka ireo andinin'ny efatra (4) amin'ny Soridalana etsy ambony). Amporisihina isika mba hanao ezaka amin'ny fandefasana izany, fara-fahatarany alohan'ny fetin'i Kristy Mpanjaka, 26 novambra 2023.
- Raha misy ny fiovan'ny Birao na Aomônie dia tokony hampahafantatra izany avy hatrany aty amin'ny Foibe Nasionaly mba hisian'ny fitohizan'ny asa ara-potoana.
- Misy ireo Diosezy mbola tsy nahatonga ny rakitra miakatra fanao isan-taona ; koa entanina isika mba tsy hanadino ny adidy. Ho hitantsika amin'ny taratasim-pifandraisana manaraka ny tatitra momba ny rakitra miakatra vitantsika.

6- Vaovaon’ny CEPAL sy ny Vovonam-pirenena katolika ary ny akon’ny MAGIS

- Tontosa soa aman-tsara tany Mananjary ny 22-24 septambra 2024 ny fankalazana ny Andron’ny Lahika. Diosezy 16 no nahatonga solontena manodidina ny 700. Maro ireo mpikambana AFAFI-FET no nandray anjara tamin’izany.
- Ny VPKA (Vovonam-Pirenena Katolikan’ny Ankizy) dia naneho fisaorana antsika tamin’ny fandraisantsika anjara mavitrika tamin’ny JNE 3 natao teto Antananarivo ny 26-30 jolay 2023. Ny lohahevitra niainana dia hoe : « Rankizy! Ndao hiara-dia hitory ny Vaovao Mahafaly ho fanantenan’ny Eglizy ». Manodidina ny 15000 ireo ankizy avy amin’ny lafivalon’ny Nosy nanatrika izany ankoatra ny Diosezin’i Mananjary izay tsy nahatonga solontena. Any amin’ny Diosezin’i Mahajanga indray no hatao ny JNE andiany faha 4. Mbola tsy voafaritra moa ny taona hanatanterahana izany.
- VPKT (Vovonam-Pirenena Katolikan’ny Tanora) : Tontosa soa aman-tsara ny andro maneran-tany ho an’ny tanora (JMJ) andiany faha 37 natao tany Lisbonne, Portugal ny 01-06 aogositra 2023 lasa teo. Nanana solontena efatra (4) isika AFAFI-FET Madagasikara. Hafatra lehibe noraisina avy amin’ny Papa Fransoa tamin’izany ny hoe “Mitsangàna, manaraha ahy, aza matahotra” sy ny hoe “Mamirapirata miaraka amin’ny fahazavan’i Kristy, mihainoa ary aoka tsy hatahotra”. Zava-dehibe ho antsika tanora ireo hafatra ireo satria manampy antsika hiroso hatrany sy manentana antsika hitondra hafaliana toy ireo Ray aman-dreny izay nampita ny finoana tamintsika. Mbola miantso antsika tanora ny Papa Fransoa hanatrika ny taon-jobilin’ny tanora hatao any Rôma amin’ny taona 2025 sy hanomana sahady ny andro maneran-tany ho an’ny tanora (JMJ) andiany faha 38 izay hatao any Séoul, Corée du Sud amin’ny taona 2027.
- VPKL (Vovonam-Pirenena Katolikan’ny Lehibe) : Nahatontosa ny antenimiera nasionaly ihany koa ny VPKL natao teto Antananarivo ny 10-13 aogositra 2023. Anisan’ny lahadinika ny fandinihana ny Andron’ny olon-dehibe hatao any Morondava amin’ny taona 2025. Natsangana ny vaomiera handrafitra ny « manuel de procédure » hoentina manatanteraka ny asa. Efa natolotra ny Fivondromben’ny Eveka moa izany fikasana izany.
- MAGIS : Tontosa ny 22-31 jolay 2023 tany Lisbonne Portugal ny fihaonam-be maneran-tany faha 10 ho an’ ireo tanora miaina ny fiainam-panahy ignasianina mivondrona ao amin’ny MAGIS. Solontena dimy (5) no avy eto Madagasikara ka iray (1) tamin’ireo no avy amin’ny AFAFI-FET. Ny Teny manentana tamin’izany dia « Mpamorona ho avy feno fanantenana isika ». Adidy apetraka amin’ny tanora ny fanohizana ny asa famoronana nataon’Andriamanitra. Manomboka amin’ny kely toy ny voatsinapy isika, toy izany koa ny fanantenana ao amintsika kanefa mitombo be avy eo. Hafatr’i Mompera Jeneralin’ny Fikambanan’i Jesoa ho an’ny tanora ny hoe : «Tokony hanonofy zavatra goavana isika, hanangana fifandraisana maharitra, hametraka ny tenantsika iray manontolo sy ny

fampianarana rehetra azontsika ho fananganana tontolo tsara sy mahafinaritra ary mifandray bebe kokoa ; tontolo ho antsika ». Zava-dehibe sy adidy goavana miandry antsika tanora izany eo amin'ny fiaraha-monina misy ny tsirairay ho fampandrosoana ny tontolo misy antsika.

7- Sainan'ny Fikambanana

- Somary nisy fahatapahana ny fanontana ny saina vokatry ny fahasimban'ny fitaovana. Koa ialana tsiny ho an'ireo rehetra efa namandrika izany. Hitohy tsy ho ela izany, koa entanina isika mba hanaitaitra ireo Paroasy, Distrika, Diosezy izay manam-pikasana hanamboatra saina. Alefa isaky ny 50 isa tonga ny fanamboarana izany. 60000 Ariary aloha ny vidin'ny iray hatramin'izao ary aloa avy hatrany izany rehefa manao famandrihana.
- Fomba fampiasana ny saina :

➢ Tsy apetraka amin'ny fiara rehefa misy dia aleha mba tsy ho simban'ny rivotra
➢ Tsy atao manakona ny ôtely mandritra ny Sorona Masina fa atao somary mitanila amin'ny sisiny.
➢ Marihina fa tsy eo anatrehan'ny saina akory no anaovantsika ny fanolorantena fa manoloana an'i Jesoa ao amin'ny Sakramenta Masina.
➢ Tsy mifanolosolo lava ny mpitazona ny saina ary kendrena tsara ny fotoana hifanoloana mba tsy hanelingelina ny fivavahana.
➢ Izay hitazona ny saina dia tokony hanao fanamiana ara-dalàna.

8- Fanafarana sy fividianana entana aty amin'ny Foibe

- Tsapa fa mila ezaka be ny fananana fitaovam-pikambanana mba hahafahana manabe araka ny tokony ho izy.
- Indreto toromarika vitsivitsy hanamora ny fahazoantsika ny fitaovana:

➢ Tsara fandrihana mialoha ireo fitaovana ilaina, roa (2) volana mialoha fara-fahakeliny mba hahafahana manomana sy mikarakara azy ara-potoana.
➢ Raha entana maro no vidina dia aoka hitondra fasiana azy (harona, gony, baoritra…)
➢ Miankina amin'ny zava-misy ny vidin'entana aty amin'ny Foibe Nasionaly. Na izany aza anefa dia ezahina mandrakariva ny hahafahan'ny rehetra manjifa izany.
➢ Fanamarihana manokana : asam-pamonjena no ataontsika koa aoka mba tsy haka tombony be loatra amin'ireo fitaovana ampiasaintsika. Efa fijoroana vavolombelona sahady izany.
➢ Tsy mandefa entana amin'ny taxi-brousse izahay aty amin'ny Foibe fa ianareo izay manafatra entana ihany no miezaka mitady olona maka izany aty sy mandefa azy any aminareo.

- Entanina ireo izay mbola ananan’ny Foibe Nasionaly trosa mba hanefa izany haingana fa hanao tatitra any amin’ny Eveka Raiamandreny izahay.

- Fanamarihana ho an’ny fitaovana sasantsasany :

- Vokatry ny fitarainana avy amin’ireo mpikambana maro dia mampahafantatra antsika fa ireto fitaovana ireto dia tsy maintsy aty amin’ny Foibe Nasionaly no ividianana azy : Lakroa, Cravate sy Châle AFAFI, Saina.

- Ny Foibe Nasionaly ihany no afaka mamokatra ny fitaovana iombonana ho an’ny AFAFI-FET manerana ny Nosy sy manaparitaka izany. Izay vokarin’ny Diosezy kosa, ka azony atao sy mifanaraka amin’ny tokony ho izy, dia mijanona eo anivon’ny Diosezy ihany. Marina fa anisan’ny hetsika ataon’ny ekipa fototra ny fitadiavam-bola kanefa tsy maintsy atao laharam-pahamehana mandrakariva ny fanabeazana sy ny fiainam-panahy ary ny fifampitsinjovana.

- Toy izany koa, tsy azo adika na atao « photocopie » ny boky raha tsy nahazoana alalana manokana avy aty amin’ny Foibe Nasionaly.

Niniana natao ety am-pamaranana ny fandraisantsika an’i Mompera José Christophe ZAKAVELO, sj izay notendren’ny Fikambanan’i Jesoa hitantana ny TPPM/AFAFI-FET. Efa niaraniasa tamin’ny Aomônie taloha RP Julien RAKOTOSOA, sj izy ary mbola Aomônie mpanampy an’i mompera Odon Honoré ANDRIANARISOA, sj.

Koa manantena ny fiarahantsika miasa, Aomônie, Zoky am-panahy sy ny mpikambana rehetra, ary mankasitraka antsika hatrany amin’ny ezaka ataontsika ho fampiroboroboana ny Fikambanana.

Ho ela velona ao am-pontsika anie i Jesoa ! *Mandrakizay* !

AFITEMA !

Ny Ekipa Nasionaly tarihin’i

RP. José Christophe ZAKAVELO sj, Aumônier, *par interim*

Anio 01 oktobra 2023, Fetin’i Mb Terezin’i Jesoa Zazakely

Mpiaro ny AFAFI-FET maneran-tany